Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# Ny voady fanao Taom-baovao

## *Les vœux de Nouvel an*

*Pasteur Henintsoa Rasolonjatovo*

## *Tsy ny voady fanao taom-baovao*

Tsy ny voady fanao taom-baovao

Sanatria no hanafaka ny otanao

Ary koa tsy izay ranomasonao be,

Sanatria no hamonjy ny fanahy re!

Fa ianao! Fa mibebaha ianao satria efa ho avy Ilay Jeso Tomponao

Efa lasa nandeha avokoa nialoha, ireo olona tianao tety

Ary koa, fiadanana mandrakizay ho doria, no vantanin'ny sambatra ary!

## 1° Famaritana (Définition)

*Vœu :*

- Promesse faite à la divinité pour obtenir sa faveur ou en remerciement d'une prière exaucée.
- Vif souhait, vif désir de voir se réaliser quelque chose .

=> *Voady :* Fanekena masina (engagement sacré)

## 2° Ireo voady marokarazana ao amin'ny Baiboly (Les différents vœux dans la Bible) :

- Ancien Testament => נֶ֫דֶר (Nèdèr)

*2.1 Promesse conditionnelle :*

Hanefa ny voadiko (accomplir mes vœux)

Sal.56.12 « Nivoady taminao aho, Andriamanitra ô, dia hanatitra fanati-pisaorana ho Anao. »

*2.2 Fanekena masina (Engagement sacré) :*

Nom.30.3 « Raha misy lehilahy mivoady amin' i Jehovah, na mianiana hamehy ny fanahiny hifady, dia tsy hitsoa-teny izy; araka izay rehetra naloaky ny vavany no hataony. »

## *2.3 Fanokanan-tena ho an'Andriamanitra (vœux de Naziréat) :*

Fanokanan-tena hanao asa lehibe ka tsy hianendry zava-pisotro mahamamo, tsy kasihin-kareza ary tsy hanendry zava-maloto.

(Personne consacrée à Dieu par un voeu temporaire, en vertu duquel elle était tenue de ne pas boire de boissons fermentées, de ne pas se couper les cheveux et de ne pas s'approcher de ce qui était réputé impur par la loi, notamment, d'un cadavre.) => Nomery 6

Samoela 1 Samoela 1.11

Samsona Mpitsara 13.4-5

Jaona Lioka 1.15

• *Nouveau Testament* => εὐχή (Euké) // προσεύχομαι : vavaka (prière) *2.4 Paoly nanokan-tena amin'ny alalan'ny voady (Paul Nazirite) :*

Asa 18.18 « Ary Paoly mbola nitoetra teo andro maromaro ihany, ary rehefa nanao veloma ny rahalahy izy, dia niondrana an-tsambo nankany Syria, ary Prisila sy Akoila niaraka taminy koa; ny volon-dohany nohetezany tany Kenkrea, satria efa nivoady izy. »

*2.5 Vavaka (prière):*

Vavaka ao amin'ny mangingina *(Prière dans l'intimité)*

Matio 6.6 « Fa hianao kosa, raha mivavaka, dia midìra ao amin' ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin' ny Rainao, Izay ao amin' ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao.

## 3° Andriamnitra mahatoky amin'ny Fanekeny(Dieu fidèle à son Alliance):

### *3.1 Natao tamin'i Abrahama : Alliance faite à Abraham*

Gen.12.1-2 « Ary hoy Jehovah tamin' i Abrama: Mandehana miala amin' ny taninao sy ny havanao ary ny tranon' ny rainao hankany amin' ny tany izay hasehoko anao;2 dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa hianao .»

### *3.2 Natao tamin'ny Zanak'Israely : Alliance faite aux Israëltes*

Eks.3.7-8 « Efa hitako tokoa ny fahorian' ny oloko izay any Egypta, ary efa reko ny fitarainany noho ny ataon' ny mpampiasa azy; eny, fantatro ny alahelony;8 dia efa nidina Aho izao hamonjy azy amin' ny tànan' ny Egyptiana ka hitondra azy hiakatra hiala amin' izany tany izany ho any amin' izay tany soa sy malalaka, dia any amin' izay tany tondra-dronono sy tantely. »

## *3.3 Natao tamin'i Davida : Alliance davidique*

2 Sam.4.16 «  Ary ny taranakao sy ny fanjakanao hitoetra eo anatrehanao mandrakizay; ny seza fiandriananao hitoetra mandrakizay. »

⇒Jesoa Mpanjaka malaza

## 4° Ny voadintsika ankehitriny (Nos vœux d'aujourhui) :

- Feno fahalemena (plein de faiblesse)
- Tsy maharitra (limité)
- Eo ambany fahasoavana (besoin de grâce): Ef.2.8-9 «  Fa fahasoavana no namonjena anareo amin' ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin' Andriamanitra;9 tsy avy amin' ny asa, fandrao hisy hirehareha.

»

## 5° Ny voady mety dia ny fanolorantena :

Rom.12.1-2 « Koa amin' izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon' Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoampanahy mety hataonareo izany. 2 Ary aza manaraka ny fanaon' izao tontolo izao; fa miovà amin' ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon' Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.

⇒ Tarihin'ny Fanahy (Conduit par le Saint-Esprit)

Gal.5.16 « Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan' ny nofo hianareo. »

Soli Deo Gloria